# *MAMOAKA AZY AVY AO AMIN'NY TANTARA*

Misaotra anao, Rahalahy Neville. Manao ahoana, ry sakaiza. Ilay izy tokoa dia. . . Mihevitra an'izao ho tombontsoa iray lehibe aho, ny tonga eto amin'ny tabernakla, izao hariva izao, hanomboka andiana fivoriana hariva dimy indray. Efa fotoana vitsivitsy izao no tsy nananako fifohazana iray teto amin'ny tabernakla. Tsy nilaza an'izany tao amin'ireo gazety mihitsy izahay, na inona na inona, satria fantatray fotsiny fa tsy hanana efitra ampy hametrahana ny olona izahay, satria kely ilay izy, ary tena vitsy ny sezanay. Fa hanao izay rehetra vitanay izahay mba handraisana olona. Saika haka an'ilay toeram- panatanjahantenan'ny sekoly ambony eto izahay, ary afaka nampilaza an'izany, saingy fotoam-pianarana ankehitriny any, ka somary sarotra ny hahazoana azy.

2 Ary hiainga tsy ho ela mihitsy aho, heveriko, ho an'ireo asako sy ny sisa, any ampitan'ny ranomasina. Ary tiako fotsiny ny ho tonga miaraka mba hanana fiombonana kely iray miaraka amin'ny vahoaka rehetra alohan'ny andehananay indray.

3 Fantatrareo, mihaona isika, isaky ny fotoana, ary indray andro dia hihaona ho an'ny fotoana farany isika. Noho izany isika—te-hijanona akaikin'ny Tompo sy Ny Teniny arak'izay vitantsika isika, ary satria hitantsika Ny Teniny maneho ny Tenany, isan'andro, isan'andro. Nihevitra aho fa ho tsara raha nanana fi—fivoriana kely iray isika teto, ary avy eo dia hivavaka ho an'ny marary isika.

4 Ary nolazaina tamiko, indray andro lasa, tamin'ny alàlan'ny fahitana iray izay nomen'ny Tompo ahy, taona vitsy lasa izay, heveriko, na angamba mihoatra kely, manana an'izany voasoratra ao anatin'ny boky iray aho any an-trano, ny amin'ny fiovàna iray an'ny asam-panompoana. Ary maro aminareo olona mipetraka eto. . . Tsy hilaza aho hoe maro. Fa tsarovy rehefa nanorina voalohany an'ity tabernakla ity isika, tsaroanareo ve ilay fahitana izay tonga tamin'ny maraina izay nametrahantsika an'ilay vato fehizoro tao, rehefa hoy Izy hoe, "Tsy tabernaklanao ity." Fa nametraka ahy teo ambanin'ny lanitra Izy ka nilaza, niteny tamiko fa hiseho ireo zavatra samihafa. Raha fantatrareo, dia diniho fa miseho marina tokoa arak'izay nilazana azy izany. Hitanareo? Ary efa tahaka an'izany foana ilay izy. Koa, noho izany, dia mitsahatra manana antoka aho fa izay Lazainy, dia Andriamanitra izany, ary tsy maintsy marina izany.

5 Ary avy eo fotoana vitsy lasa izay, tao amin'ny fahitana iray

aho ary nahita tra—tranolay lehibe iray. Oh, zavatra mankadiry, goavana iray izany. Ary vao avy niresaka aho, dia fanahy maro no teo amin'ny alitara, ary nitomany kely fotsiny niaraka tamin'ny tànany nitsangana, tamim-pahanginana sy moramora. Nanatona teo amin'ny lampihazo ny lehilahy iray tsara fanahy niteny ka nanao hoe, "Ankehitriny dia hanamboatra an'ilay laharam-bavaka izy ireo raha mbola mivonona Rahalahy Branham." Ary nitsangana tahaka an'*izao* aho, mazava ho azy, teo amin'ny ankaviako ilay laharam-bavaka. Ary nahamarika olona marobe aho izay toy ny hoe nanarona vondron-tanàna iray na mihoatra, izay nitsangana tao amin'ny laharana. Nisy tranobe kely iray, trano hazo iray, tao anatin'io tranolay io. Ary nisy vehivavy iray nitsangana teo, lehilahy iray, ny anankiray nandray an'ireo anarana, ary ny olona nampiasa tehina sy fitondra-marary, ary tonga teo amin'ilay ilany hafa, nandeha. Eny, nanontany aho hoe inona daholo no niseho tao. Ary avy eo io Anjelin'ny Tompo io, Izay hitanareo eto ny sariny, niala avy teo amiko Izy, ary nandeha avy hatrany nankao amin'io tranobe kely io, ary nitsangana teo, avy eo dia nidina. Ary niteny ny Feo iray, ka nanao hoe, "Hihaona aminao eo amin'io toerana io Aho." Eny, ankehitriny, efa niandry an'io fotoana io aho.

6 Tsy niasa aho, andro vitsivitsy ankehitriny, niala sasatra, nohon'ny asa tafahoatra. Miverina aho.

7 Ary tamin'ny faran'ny herinandro, isika dia nanana kely, karazana foto-pampianaran'ny fiangonana iray nandritry ny hariva telo teto. Izany dia, tamin'ny Sabotsy hariva lasa, Alahady maraina, ary Alahady hariva, mialohan'io fivoriana io. Somary manao ny fiangonana hihozongozona ao amin'ny toerany, mba ahafahantsika mandroso miaraka amin'io fivoriana ho avy io ankehitriny. Ary avy eo aorian'ity avy hatrany, amin'ny Alahady hariva dia ho hariva fanaovam-belomako ho an'ny tabernakla mandritry ny fotoana vitsy, araka ny fantatro. Ary ankehitriny . . .

8 Ary manantena sy matoky an'Andriamanitra aho, fa indray andro any mandritr'ity herinandro ity, hoe tiako ny hampiasa an'ity efitra kely eto ity ho efitra fivavahana iray. Ary hitondra ny marary sy ny ory hiditra, ka hahita raha hihaona amiko Izy, ary hanomboka eto amin'ny tabernakla indray, eo amin'ilay asam-panompoana vaovao. Azoko antoka fa ho tiako ny hahita an'izany vita. Tsy fantatro hoe inona ilay izy, ry sakaizako. Tsy manana hevitra mihitsy aho hoe ho inona ilay izy. Fa Izy Izay mihaino ankehitriny, matoky aho fa izany dia ho zavatra iray amboniny hanampy ny Zanany mahantra, marary, mijaly amin'izao andro izao. Mampanantena Azy aho fa ho azo itokiana sy mahatoky aho, ary miezaka ny ho mahatoky kokoa noho izay naha-izy ahy niaraka tamin'ireo fanomezam-pahasoavana hafa izay Nomeny. Ary raha hiseho izany, dia ho tena misy tahaka an'ireo hafa mihitsy izany. Ankehitriny ireo fanomezam-

pahasoavana hafa ireo dia mbola mafy orina mihitsy tahaka azy ireo. Hitanareo? Fa miandry zavatra iray vaovao hitranga aho ankehitriny, ary manantena aho fa hiseho eto izany. Ankehitriny, nieritreritra aho, angamba izao hariva izao dia hiresaka isika ka hahita hoe toy ny ahoana no tsapako.

9 Ary zavatra iray hafa izay tiako hatao, tiako ny hanandrana hahita, rehefa miditra voalohany isika, raha afaka hampiditra ny vadiko ao aho, ka hamela azy hiaraka amiko rehefa tonga voalohany izany, mba hahita raha ho tahaka an'izany ilay izy. Raha tsy izany, amin'izay fotoana izay, eo am-pitondrana an'ireo vehivavy, dia hitondra azy roa ireo amin'ny fotoana iray izahay, vehivavy roa amin'ny fotoana iray, no mandalo. Noho izany dia tsy milaza aho fa hety amin'ny fomba rehetra izany; mba hahafantaranareo fotsiny, satria efa voalaza fa niandry zavatra vaovao hiseho isika, ary miandry isika. Fa ankehitriny dia tsy milaza aho fa Izy no niteny tamiko fa hiseho izany. Ny hitako tao amin'ilay fahitana dia anatin'ny tranolay iray. Fa, mazava ho azy, mety hiseho na aiza na aiza izany, amin'ny fotoana rehetra, noho izany dia miandry an'izany isika.

10 Ankehitriny dia hiezaka izahay ny hamela anareo hivoaka aloha. Ny fotoan'ny hira, antsasak'adiny, sy ny fotoan'ny toriteny, ary ny fotoan'ny alitara, sy ny sisa, eo amin'ny adiny iray eo, izay hanao ora iray sy sasany, mba tsy hivonkin'ozatra ireo olona mitsangana; ary hiverina rahampitso hariva.

11 Ankehitriny, alohan'ny hanokafantsika an'ity Teny tranainy voatahy ity mihitsy, ary hanome antoka anareo izahay, tsy hilaza na inona na inona afa-tsy izay ao anatin'Izany mihitsy izahay, satria Izany no Fototra, ary alohan'ny hanaovantsika, dia ndao fotsiny isika hanondrika ny lohantsika, vetivety, ho an'ny tonombavaka iray.

12 Andriamanitra malala, raha mitsangana ao amin'Ny Fanatrehanao izahay izao hariva izao, ary mahatsapa ny fahalemen'ny vatanay, hoe vovoky ny tany fotsiny izahay. Ianao no nitondra anay ho olona velona, mba hanaja sy hanome voninahitra Anao. Ary fantatray fa ny fiainanay sy ny fitodianay dia mipetraka eo an-Tànanao voatahy. Ary mametraka ny tenanay izahay, amin'ny finoana, eo an-Tànanao, manantena fa homena anay ny fitodianay Mandrakizay, mba hiaina hiaraka Aminao mandrakizay ao amin'ny tontolo iray tsaratsara kokoa, izay tsy hanaovanay vavaka ho an'ny marary sy ny manana ilaina intsony. Tsy hisy ranomaso anankiray intsony hilatsaka avy eo amin'ny takolaka iray. Tsy hisy intsony ny—ny olona malemy, mikentrona hany tonga. Fa ho tanora izahay any, mandrakizay, ary ho eo aminay ny voninahitr'Andriamanitra. Ary tsy hila fanasitranana izahay, satria ho sitrana Mandrakizay izahay, mandrakizay. Rehefa hovaina ity zava-boahary izay maha-izy anay ankehitriny ity ka hatao ao amin'ny vatana iray tahaka ny Vatany manokana be voninahitra, amin'izay fotoana

izay dia hahita Azy araka ny maha-izy Azy izahay. Mandrapahatongan'io ora voatahy hahatongavan'ny tsirairay avy aminay io, dia maniry izahay ny hametraka ny ezaka rehetra izay fantatray, mba hanomezana voninahitra Ny Anaranao lehibe, miaraka amin'ny finoana tahaka an'izay Nomenao anay.

13 Izany dia eo ankatok'ity fiaraha-miangona kely eto ity ao amin'ity toeram-pahatsiarovana kely ity, ho fahatsiarovana an'ilay fifohazana voalohany izay nataonay teto. Ary ireo asa lehibe, mahery izay Nasehonao anay tamin'ny alàlan'ny Tànanao mahery lehibe. Avy teto no niainga ny fifohazana iray nankany amin'ny firenena rehetra. Ary manerana an'izao tontolo izao, izao hariva izao, dia mirehitra eo ambonin'ny havoana ireo afompifohazana, ary ireo lehilahy sy vehivavy dia sitrana tamin'ny aretiny sy ny rofiny, ka tonga mba hahafantatra tsara an'ilay Andriamanitra marina sy velona. O Tompo Andriamanitra, arotsahy aminay Ny Fanahinao izao hariva izao, Tompo, amin'ny fatra lehibe.

14 Ary raha tena mahafaly Anao izany, Tompo, raha ao amin'ny Fandaharanao Masina izany, dia hangataka izahay, O Andriamanitra, mba ato amin'ity tranobe ity no Hanombohanao an'io fanomezam-pahasoavana vaovao io hiasa, mba ireo izay nijanona tany aoriana, avy any amin'ireo saha, ary efa mpiadin'ny vavaka, ahafahan'izy ireo hahita, ho an'ny fotoana voalohany, an'ilay tànana lehibe an'i Jehovah mihetsika ao amin'io fomba vaovao io (Ekeo izany, Tompo.), ary ho mpandray anjara amin'ireo vokatra. Mangataka am-panetre-tena fotsiny izahay mba ho ekena eto izany, mahafantatra fa ho any ho any izany, satria tsapanay fa ao amin'ny Fikarakaranao lehibe ny manao an'izany.

15 Ankehitriny dia tahio izahay, Tompo, raha mamadika an'ireo pejin'ilay Boky izahay, Ny Teninao masina voatahy. Enga anie ny fanahinay hisokatra handray an'izany, Tompo. Ary rehefa mifarana ireo fotoana izao hariva izao, ka manomboka mankany amin'ny tranonay samihafa izahay, dia enga anie izahay hilaza tahaka an'ireo avy tany Emaosy hoe, "Tsy nangorakoraka tao anatintsika ve ny fontsika, izao hariva izao, raha niresaka tamintsika Izy teny an-dàlana?" Fa mangataka an'izany amin'Ny Anarany sy ho an'ny Voninahiny izahay. Amena.

16 Izao hariva izao dia nisafidy aho, ho an'ny famakiana Soratra iray fotsiny, andininy vitsy, raha tianareo ny hamadika eo amin'izany, ao amin'ny Bokin'ny Mpanjaka, Mpanjaka Voalohany, ary ny toko faha-18-n'ny Mpanjaka Voalohany. Ary te-hanomboka hamaky manomboka amin'ny andininy faha-17 aho. Ary maniry aho ny haka arak'izany, ho an'ny lahateny iray hoe: *Mamoaka Azy Avy Ao Amin'Ny Tantara*. Ankehitriny, ianareo izay mandray naoty an'izany, afaka manonona an'ilay izy indray aho: *Mamoaka Azy Avy Ao Amin'Ny*

*Tantara*. Ankehitriny ny andininy faha-17-n'ny toko faha-18-n'ny Mpanjaka Voalohany.

> *Ary izao no niseho, rehefa nahita an'i Elia i Ahaba, dia hoy i Ahaba taminy hoe, Ianao ve no mampidi-doza ny Isiraely?*
>
> *Dia namaly izy hoe, Tsy izaho no nampidi-doza ny Isiraely; fa ianao, sy ny ankohonan'ny rainao, tao amin'izany no nahafoizanareo an'ireo didin'ny* TOMPO*, ary* dia *nanarahanareo an'i Bala.*
>
> *Noho izany ankehitriny dia maniraha, ka angòny ho ahy ny Isiraely rehetra ho any amin'ny tendrombohitra Karmela, sy ireo mpaminanin'i* Bala *dimampolo sy efajato, ary ireo mpaminanin'ireo ala kely efajato, izay nihinana teo amin'ny latabatr'i Jezebela.*
>
> *Noho izany dia naniraka tany amin'ny zanak'Isiraely rehetra i Ahaba, ka nanangona an'ireo mpaminany rehetra ho any amin'ny tendrombohitra Karmela.*
>
> *Ary tonga teo amin'ny olona rehetra i Elia, ka nanao hoe, Mandra-pahoviana ianareo no miahotrahotra eo anelanelan'ny hevitra roa? Raha ny* TOMPO *no Andriamanitra, dia araho izy: fa raha i Bala, dia araho izy. Ary tsy namaly teny iray azy ny olona.*

17 Mitsangana eo amin'ilay morona isika izao hariva izao, ary mandinika ny fisehoana, sy fisokafana, an'ireo sehatra lehibe anankiroa. Ary ireo sehatra malaza roa ireo dia ireto: ny iray amin'izy ireo dia ny fiafaran'ny tantara, ary ilay iray hafa dia ny fiafaran'ny fotoana. Ary lehilahy malaza maro, nanerana an'ireo taona, no naniry fatratra hahita an'ity ora izay anatonantsika ankehitriny ity. Ary satria miaina ao amin'ity filentehan'ny masoandro mety maty be voninahitra ity sy ny fiposahan'ny Hazavana Mandrakizay isika, dia tena tsapako fa miaina ao amin'ny iray amin'ireo taona lehibe indrindra izay hany namelàna ny olona hiainana isika, satria izany no famaranana ny fotoana sy ny fampidirana ny Mandrakizay. Ny tantara dia miteny amintsika fotsiny an'izay novakiantsika, an'izay efa nisy. Ary izay ao amin'ny ho avy dia mipetraka eo antànan'Andriamanitra. Ary hitantsika, amin'izao andro izao, fa tsy misy tantara betsaka loatra nosoratana, satria tsy mihevitra aho fa hampiasaina mihitsy izany.

18 Ireo zava-mitranga lehibe roa ireo dia mandeha mankao amin'ireo rano marivo. Ohatra, ny. . . Toy ny ahoana no itantanantsika an'ilay krizim-pirenena. Ary ny fiarovam-pirenena dia mandeha mankao amin'ny rano marivo. Eo ampanaovana dia manodidina, manerana an'izao tontolo izao, dia toy ny hoe tsy ny firenentsika fotsiny ihany ilay izy, fa tsy misy firenena mahafantatra mihitsy an'izay hatao. Toy ny hoe misy korontana iray hatraiza hatraiza. Mandeha any

Afrika aho, matahotra fikomiana iray eo anivon'ny olona izy rehetra, ary ny kominisma no miparitaka eo amin'ilay firenena. Mandeha any Suisse aho, ilay fanao iray ihany. Ary ireo firenena hafa rehetra izay notsidihako, izy ireo dia toy ny hoe misy fandriampahalemana tsy milamina hatraiza hatraiza.

19 Ankehitriny fantatrareo, efa nilaza mialoha ny hahatongavan'ny fotoana iray tahaka an'izany ny Tompontsika, hoe hisy "tsy fitsaharana eo anivon'ireo firenena, fotoan'ny fahaverezan-kevitra, fahoriana eo amin'ireo firenena."

20 Ary nanandrana ny zavatra rehetra izay toy ny hoe azo atao amin'ny maha-olombelona isika, mba hanao an'ilay izy haharitra elaela kely fotsiny. Saingy mino aho fa lany fotoana fotsiny isika. Tsy mino aho fa misy zavatra hafa izay azontsika atao mikasika an'izany. Eo amin'ny faran'izany mihitsy isika. Nanandrana vetivety isika, teo amin'ny fananana mpanjaka, fa tsy nety izy ireo. Avy eo dia nanandrana ny demokrasia izy ireo; tsy mety izany. Ary isika dia nanandrana . . . Nanandrana an'ireo mpanao didy jadona izy ireo, fa tsy mety izany. Ary ny tsirairay avy dia toy ny hoe lasa mihamalemy kely fotsiny, isan'andro. Ankehitriny dia mitsangana eo amin'ilay fotoana lehibe isika izay mety hitrangan'ny zavatra rehetra. Mety ho tapitra izany, ao anatin'ny fotoana dimy minitra, hoe ny firenena tsirairay dia ho lasa vovoka.

21 Ary raha eo amin'izany fotoana izany isika, dia tokony ho aiza ilay Fiangonana? Krizy lehibe iray!

22 Avy eo, ihany koa, dia manana krizy iray an'ny fiainan-tokantrano isika. Ilay izy dia toy ny hoe mankao amin'ny rano marivo io fiainan-tokantrano io. Taloha ilay izy, tao amin'ny tokantrano iray, io ray io, ilay lohan'ny ankohonana, dia nipetraka ny maraina, ary niresaka tamin'ny fianakaviany izy, ary nalain'izy rehetra ilay Baiboly tranain'ny fianakaviana ka namaky kely fotsiny, ary—ary ny rehetra niangona manodidina ny latabatra ka nanao vavaka. Tsy mahita an'izany intsony ianareo. Ary rehefa tapitra ny andro, ka nanasa vilia i mama, dia niangona izy rehetra ka namaky vitsivitsy amboniny avy tao amin'ny Baiboly, ary nivavaka talohan'ny nandehanana natory.

23 Ny ditran-jatovo tokoa dia za—zavatra sarotra iray ho hita tamin'izany andro izany. Nandeha tany amin'ny saha ireo zazalahy rehetra mba hiasa. Ary nanampy an'i mama ireo zazavavy tamin'ny fanasan-dambany, teo amin'ilay helodrano. Fa, amin'izao andro izao, dia manindry bokotra kely iray fotsiny isika dia vita daholo ireo fanasam-bilia. Ary i mama dia ao anatin'ny fiara ary mandeha mankany amin'ny fetin-karatra, na mivoaka mirenireny manerana ny làlambe. Ary—ary ny—ny asa dia vita amin'ny alàlan'ny trakitera iray ka tsy manana afa-tsy andian'olona kamo, tsy miasa fotsiny isika.

24 Ary tena tsy raharahiana ny fiainan-tokantrano, hany ka napetraka any aoriana ny Baiboly, hany ka tsy maintsy nikaroka adiny iray izy ireo mba hahitana anankiray, ao amin'ny tokantrano maro eto Amerika. Mandeha any am-piangonana izy ireo ny Alahady maraina, ho an'ny fivavahany, mandritry ny roapolo minitra eo. Ary raha maka eo amin'ny telopolo minitra eo ilay pasitera, dia antsoina eo amin'ny komity izy. Inona izany? Tapitra ny fiainan-tokantrano.

25 Ilay izy taloha dia nifankatia sy nifanaja ary nifankatia fatratra io ray sy reny io. Ary rehefa antitra izy ka fotsy volo, sy nikentrona, ary niroraka tanteraka ny tarehiny antitra mahantra, ary ny solomasony nihantona teo amin'ny orony, dia tia azy tsara mihitsy tahaka ny nataony fony izy tanora sy tsara tarehy i papa.

26 Fa, amin'izao andro izao, tsy te-ho mpitsikera aho, fa rehefa antitra kely iray izy, dia soloiny modely vaovao iray. Toy ny hoe tahaka an'izany ilay izy, toy ny manolo fiara na zavatra iray. Ilay izy dia toy ny hoe tsy misy betsaka intsony io tena fitiavan'ny fianakaviana io. Nisy zavatra iray nitranga fotsiny; tapitra ny fiainan-tokantrano. Tsy manana an'ilay tokantrano Amerikana tranainy tahaka ny nananantsika taloha isika, taona maro lasa izay.

27 Misy zavatra hafa iray izay tiako ho lazaina, izany dia zavatra hafa iray eo am-pahataperana, dia, tapitra ny fisakaizana. Ilay izy dia tsy toy ny hoe manana an'ireo sakaiza izay nananantsika taloha isika. Ary ireo sakaiza izay ananantsika dia tsy sakaiza mahatoky tahaka ny taloha. Taloha ilay izy, afaka mahatsiaro aho, rehefa nisy olona iray narary tao amin'ny fiaraha-monina, dia tonga ny olona rehetra ary nanampy azy ireo niaraka tamin'ny asany rehetra, ary nanome tànana tamin'ny zavatra rehetra izay azo natao. Nipetraka niaraka tamin'izy ireo ny alina manontolo tamin'ny fotoana iray. Araka ny nolazaiko mazàna, izany no fahamarinana, hoe, zara isika raha mahafantatra fa maty ilay mpiara-monina mandra-pahitantsika an'izany ao amin'ny gazety. Fisakaizana!

28 Manana fanalahidy iray ho an'ny trano i papa, ary i mama manana fanalahidy iray. Ary any ivelany izy roa ireo ka lasa, ny antsasaky ny alina. Ary ireo ankizy, tsy fantatr'izy ireo hoe aiza no misy azy ireo. Ary ireo ankizy kely dia miaraka amin'ny mpitaiza zaza. Ary tahaka an'izany no iainana ny fiainana.

29 Fantatrareo ve fa ny Baiboly dia milaza mialoha an'ireo zavatra rehetra ireo? Koa inona àry izany? Ilay izy dia hoe mitsangana eo amin'ny toerana iray isika mandinika an'ireo zavatra ireo mihalefy.

30 Ndao alaintsika ny fiainam-piangonana. Teo no nanombohan'izany rehetra izany. Mihena ny fiainam-piangonana. Mandray ny fiangonana fotsiny ny olona, amin'izao

andro izao, saiky ho sampy iray, tahaka ny hazo lava totem iray. Mandeha mipetraka ao am-piangonana, dimy minitra, dia, "Nahavita ny fivavahako aho." Mandoa ny fandraisana anjara kelinareo, na inona na inona ilay izy, mba handoavana an'ilay pasitera. Tsy vitan'izy ireo izany; manana sakafo hariva kely iray izy ireo, ary manao an'izany ho an'ilay pasitera. Ary raha tsy afa-po izy, dia mitsoaka mankany ho any izy izay hanome azy karama iray tsaratsara kokoa. Toy ny hoe tsy nantsoin'Andriamanitra intsony ilay pasitera. Toy ny hoe manomboka lasa tapakilan-tsakafo iray fotsiny ilay izy ho an'ilay pasitera. Fa, na aiza na aiza anoloran'ny olona azy ny vola be indrindra, dia any no andehanany. Tsy tokony ho tahaka an'izany ilay izy.

31 Ilay izy dia tokony ho lehilahy iray nantsoin'Andriamanitra ho ao amin'ny fiaraha-monina iray. Ary raha tsy maintsy nipetraka teo tahaka ny nataon'i Elia izy, teo an-tampon'ilay tendrombohitra, teo amin'ny renirano Kerita, ary miandry an'ireo goaika hamahana azy, dia tokony hijanona izy mandra-pahatanteraky ny asany Masina. Tsy mampaninona na mahazo iraimbilanja izy, na tsia, dia tokony ho antson'Andriamanitra ilay izy, aloha.

32 Saingy ilay izy, toy ny hoe, niova ho antson'ny vola ilay izy, na toerana ambony kokoa sy zavatra mitovy amin'izany, na mba ho lasa olona malaza kokoa sy fiangonana iray goavana kokoa, na zavatra tahaka an'izany.

33 Ary avy eo ilay fiangonana, ao anatiny ao, dia navelan'izy ireo. Manomboka mihalefy izy ireo. Diniho fotsiny izany fa voaseho.

34 Ankehitriny dia mbola latsaky ny dimampolo taona aho. Ary afaka mahatsiaro aho ny nandeha tany amin'ny fiangonana Batista sy ireo fiangonana Metodista, ary nandinika azy ireo tao amin'ny fifohazana iray tamin'ny fanao fahiny, rehefa nihiakiaka sy nidera ny Tompo izy ireo, ary nandroso sy niverina teo amin'ny làlantsara ka nandresy lahatra an'ireo mpanota hankeo amin'ny alitara. Tsy mahita an'izany intsony mihitsy ianareo na aiza na aiza. Nanana fivoriam-bavaka tamin'ny fanao fahiny izy ireo taloha nandritry ny fotoan'ny fifohazana iray, ary mpanota iray tao amin'ny fiaraha-monina, zazalahy iray na zazavavy, ary ireo mama sy dada antitra dia nivavaka tena mafy hany ka nangataka faharesen-dahatra ho an'ireo ankizy ireo izy ireo, ary nanao ny làlany nankeny amin'ny alitara izy ireo, ary nanatona an'i Kristy teo.

35 Fa tsy mahita an'izany intsony ianareo. Ilay izy dia toy ny hoe mandeha ao anaty rano marivo izany. Tsy toy ny hoe tokony ho tahaka an'izany fotsiny ilay izy.

36 Ary avy eo taloha dia nisy maro tamin'ireo fiangonana no, tamin'ireo taona maro lasa rehefa nanana fifohazana iray

izy ireo tao amin'ny fiangonana anankiray, dia niara-niasa ireo fiangonana hafa rehetra. Ary tonga izy ireo ka nanampy, ary nandefa ny mambran'izy ireo, ary nanakatona an'ireo fiangonana, ka nanana fifohazana iray. Tsy mahita an'izany intsony ianareo.

37 Ankehitriny dia inona fotsiny no nitranga? Ary inona no hataonareo mikasika an'izany? Manatanteraka ny Tenin'ilay Andriamanitra velona fotsiny izany. Ary izany dia manondro, andry roa: ny iray amin'izy ireo, dia ilay fahataperan'ny fotoana; ary ny iray hafa, ny Fihavian'ny Tompo Jesosy. Satria niteny mazava tsara ny Fanahy Masina ka nanao hoe, "Amin'ny andro farany ireo fiangonana dia ho kirina, mpieboebo, tia ny fahafinaretana mihoatra noho ny fitiavana an'Andriamanitra; mpanontolo fo, mpanendrikendrika, tsy mahonom-po, ary tsy tia ny tsara." Noho izany raha ny Baiboly no efa nilaza mialoha fa hisy ireo zavatra ireo, dia ahoana no ahafahantsika manantena zavatra hafa hitranga afa-tsy izany? "Manana ny endriky ny toe-panahy araka an'Andriamanitra, nefa mandà ny Heriny."

38 Mandehana mitety an'ity firenena ity androany, ireo firenentsika, ka tadiavo ireo mpino eran'ny tànana kely izay mino; ny tiako lazaina, dia ireo tena mpino izay mino fa velona marina tokoa Jesosy Kristy. Hitanareo, mitondra ny fiangonana eo amin'ny sampy iray fotsiny izy ireo. Efa nandalovantsika izany, tamin'ireo andro vitsy farany, tao amin'ny fampianarantsika. Manipy an'izany eo amin'ny fiangonana Katolika isika, ireo sampiny, ary miondrika eo amin'izany raha mandalo eo amin'ilay fiangonana izy ireo. Ary ireo Protestanta dia tena ratsy mihitsy, noho izany dia mandeha any matetitetika fotsiny izy ireo. Ary angamba ny sasany amin'izy ireo dia mandeha indray mandeha isan-taona fotsiny, ary izany dia amin'ny Paska.

39 Nandre mpitoriteny iray aho teto vao tsy ela akory izay, tao an-tanàna, izay nanao an'io fanamarihana io. Hoy izy hoe, "Niteny tamin'ny oloko rehetra aho, tamin'ny marainan'ny Paska hoe, 'Tratry ny Krismasy.'" Hoy izy, "Tsy hahita azy ireo intsony aho mandra-pahatongan'ny Krismasy na ny Paska manaraka. 'Tratry ny Krismasy!'"

40 Ary raha mitsangana eto isika, mandinika an'ireo zavatra ireo voaseho, ary ny tsirairay avy amintsika mety maty, ka mahafantatra fa misy zavatra tsy maintsy hitranga. Tsy afaka manohy tahaka an'izao fotsiny izany.

41 Tsy manam-potoana hijanonana dimy minitra ny olona tsirairay. Eo amin'ny fiviliana iray sy hazakazaka iray fotsiny izy ireo, ary maika sy mifanizina iray, manerana ny làlambe. Rehefa tonga teo amin'ny làla-malalaka ireo ankizy tamin'ity tolakandro ity, dia tonga aho . . . Na, mitataovovonana, izay ilay izy. Avy tany New Albany aho. Ary indro tonga ny ramatoa

iray teny an-dàlana, teo anivon'ireo ankizy ireo, saiky...tao amin'ny faritra roapolo maily iray, teo amin'ny enimpolo na fitopolo maily isan'ora, mafy arak'izay azony nandehanana. Ary ho aiza izy? Afaka minitra vitsy, dia hoy aho hoe, "Inona no hevitrao mikasika an'izany?" tamin'ilay olona izay niaraka tamiko. Indro tonga ireo fiara roa hafa nandeha mafy, toy ny fiara haingam-pandeha, teo afovoan'ireo ankizy ireo mihitsy. Eo amin'ny làlankelinay izay ipetrahanay, amin'ny maraina, dia tahaka ny làlana fanaovana hazakazaka iray ilay izy; tsy maintsy mandeha mody haingana mba hanasa vilia, na hihaino an'i Arthur Godfrey, na zavatra iray. Handeha ho aiza ianareo? Inona ny olana? Ny nahatonga an'ilay zavatra hikorontana tanteraka, dia satria lasa mpitia an'ity izao tontolo izao ankehitriny ity ireo lehilahy sy vehivavy. Ny zavatra lehibe, tokony hisy, dia ny tonga any an-trano mba hamaky ny Baiboly sy ny fotoana hivavahana.

42 Mieritreritra ny renin'i John Wesley aho, Susanne. Renin'ny zanaka fito ambin'ny folo izy. Ary nanana fotoana ho laniana izy, heveriko, izany dia na ora roa na telo isan'andro tao amin'ny vavaka. Ary mitaiza sy renin'ny ankizy fito ambin'ny folo, izay niteraka ny iray tamin'ireo mpitory teny malaza indrindra an'izao tontolo izao, ary iray amin'ireo mpanoratra hira malaza indrindra an'ilay andro, Charles sy John. Satria, naka fotoana hanompoana an'Andriamanitra izy, fa tsy niroboka tao amin'ireo zavatr'izao tontolo izao.

43 Ary rehefa mahita ny fototry ny firenentsika isika, ny fototry ny tokantranontsika, ny fototry ny fiangonantsika, milentika, amin'izay fotoana izay, ry rahalahy, dia inona no azontsika hatao? Noho izany, dia tiako ny hilaza an'izao. Oh, raha nanana feo iray aho izay ahafahako mampanakoako an'izany amin'izao tontolo izao! Manana fototra mafy tavela isika, ary izany dia ny Teny masin'Andriamanitra voatahy, ny Baiboly. Satria ny lanitra sy ny tany rehetra dia ho levona, fa ny Tenin'Andriamanitra tsy ho levona mihitsy. "Ary eo ambonin'ity Vatolampy ity," hoy Andriamanitra, "no Hanorenako Ny Fiangonako, ka ny vavahadin'ny helo tsy haharesy Azy."

44 Noho izany dia tombontsoa voatahy iray toy ny inona izany ho antsika rehetra, ny maninji-tànana ka mandray ny Baibolin'Andriamanitra tsara tranainy, ary mamadika an'ireo pejy, ka mahafantatra fa mamaky Fahamarinana mivantana isika. Ary ny mahita fa nitranga ireo fotoana ireo tamin'ireo andro lasa, satria miresaka ny amin'Andriamanitra ara-tantara iray izany. Ary ny fomba tokana izay hany haha-izy antsika, hifanaraka amin'ireo fomba ireo, na mba—mba hidirana ao amin'ny laharana, dia ny hiantso, hivoaka avy ao amin'ny tantara, an'io Andriamanitra ara-tantara io. Satria nandritry ny andro rehetra, tao amin'ilay fandravàna talohan'ny safo-drano, talohan'ny fihavian'i Kristy, ary tamin'ireo zava-mitranga samihafa, dia tsy diso mihitsy Izy, rehefa antsoina Izy. Marina

foana ny Azy.

45 Mieritreritra ny fotoana iray aho ankehitriny, izay nisy firenena iray tao amin'ny fahababoana. Isiraely izany. Ary tany Egypta izy ireo ka nentina mafy sy henjana, mba hanompo an'ireo Egyptiana. Ilay izy dia toy ny hoe lasa nangatsiaka fotsiny ny olona rehetra. Efa fantatrareo ve fa Isiraely dia tany Egypta indroa lava noho ny naharetan'i Etazonia amin'ny mahafirenena iray azy? Isika dia tsy mihoatra ny dimampolo na fitopolo amby zato taona, zavatra tahaka an'izany. Fa izy ireo dia roapolo amby efajato taona tao anatin'ny fanandevozana, na tany Egypta. Fa tonga ny fotoana iray, izay toy ny hoe lasa ny fanantenana rehetra.

46 Fa nisy lehilahy iray sy vehivavy izay toy ny hoe nanana finoana an'Andriamanitra ara-tantara iray izay niresaka tamin'i Abrahama tamin'ny fotoan'ny krizy, ka nino izy ireo fa afaka niantso Azy izy ireo ary hamaly Izy. Ary izany dia Ham-. . . Amrama sy Jokebeda, vadin'i Ham-. . . Amrama, ilay reny sy rain'i Mosesy. Ary tahaka ny teto, fotoana vitsy lasa izay, nitory teny aho ary nanome kisarisary kely iray ny amin'ny hoe ahoana no niverenan'i Amrama tany an-trano ny hariva, ka hoy izy hoe, "Jokebeda, tena reraka aho." Ary ireo kapoka vaovao teo amin'ny lamosiny, avy amin'ny—ny karavasin'ny mpifehy iray.

47 Ary nipetraka tamim-paharetana izy, angamba, ary nanasa an'ireo—ireo toerana, sy nitomany ka nanao hoe, "Oh, Amrama, tsy misy zavatra azo atao ve?"

48 Nandre azy aho nanao hoe, "Oh, malala, raha niaraka tamiko ianao androany, ka nahita azy ireo nikapoka an'ireo zazalahy tanora ireo, niezaka nisintona an'ireo enta-mavesatra ireo. Saingy tsy nanana fo izy ireo. Nitondra azy ireny toy ny hoe biby izy ireo. Ary izany ireo lehilahy tanorantsika an'ny Isiraely. Tsy misy zavatra azo atao ve?"

49 Izany no anontaniako ankehitriny. Ny mahita an'ireo zazalahintsika tanora adolantsento, izay ho lehilahy sy vehivavin'ny ampitso, ireo adolantsentontsika androany. Ny volo milatsaka eny amin'ny tenda, ary ny pataloha milatsaka hatreny amin'ny valahany, miaraka amin'ny basy iray miraikitra eo amin'ny andilany, sigara iray eo amin'ny sisin'ny vavan'izy ireo. Ho inona izany? Mbola fanandevozana eo ambanin'ny devoly foana izany. Tsy misy zavatra azo atao ve?

50 Ary Amrama, angamba anankiray amin'ireo hany tokana avy amin'ny firenena, dia niakatra tohatra kely iray, tsy nampaninona na reraka toy ny ahoana aza izy. Tany, isankariva, dia niantso an'ilay Andriamanitr'i Abrahama izy, ilay Anankiray izay nianarany fa tonga teo amin'i Abrahama, sy tonga teo amin'i Joba, sy tonga teo amin'i Isaka, ary tonga teo amin'i Jakoba, tao amin'ireo oran'ny fahoriana. Ary, azo antoka,

raha Izy no Andriamanitra tamin'ny andron'izy ireo, dia ho Andriamanitra Izy tamin'io andro io.

51 Ary raha Izy no Andriamanitra tamin'ny andron'i Mosesy, dia Izy no Andriamanitra androany. Mila antsoina hivoaka avy ao amin'ny tantara fotsiny Izy, ary antsoina ho eo amin'ny sehatry ny hetsika.

52 Ary toa hitako i Amrama, isan-kariva, tsy mampaninona na reraka toy ny ahoana aza; izany no nanaporofo ny finoany an'io Andriamanitra io.

53 Fa, amin'izao andro izao, ny olona, raha tsy mahazo ny zavatra rehetra izay angatahany izy ireo, ny fotoana voalohany ivavahan'izy ireo, dia toa mihevitra izy ireo fa maty Izy. Ny ilaintsika dia lehilahy sy vehivavy, amin'izao andro izao, an'ny fanahy mahery, lehilahy sy vehivavy izay tapa-kevitra ny hifikitra, mandra-pahitan'izy ireo Andriamanitra iray izay velona marina tokoa, miditra ao amin'ny hetsika, izay tsy handray "tsia" ho valiny. Tapa-kevitra izy ireo ny hijanona miaraka amin'izany. Raha marary izy ireo, ka nilaza ny dokotera fa tsy mety ho salama izy ireo, kanefa misy Zavatra ao anatin'izy ireo miteny amin'izy ireo fa ho salama izy ireo. Mifikira, tsy mampaninona izay miseho! Efa nikambana tamin'ireo fiangonan'izao tontolo izao ara-anaram-piangonana ve ianareo, rehefa avy nandany ny herinareo rehetra tamin'ny fandehanana nitety toerana, nefa mbola tsy afaka mahita fitsaharana foana? Mbola misy Andriamanitra iray foana izay mamaly vavaka sy mamonjy amin'ny fahotana.

54 Ary raha afaka mahita isika, Amrama, teo amin'ireo alina sarotra ireo, ny lamosina nandeha rà, niakatra an'ireo tohatra indray, hatrany amin'ny roa sy telo ora maraina, nivavaka, ary toy ny hoe miresaka amin'ny rivotra fotsiny izy. Tao anatin'ny fony Jiosy tao no nirehitra ny finoana izay tsy nisy rivotry ny fisalasalana hany afaka hamono.

55 Izany no karazana lehilahy sy vehivavy izay ilaintsika hiseho eo amin'ny sehatra amin'izao andro izao. Raha tsy mamaly Izy izao hariva izao, dia hamaly Izy rahampitso hariva. Raha tsy mamaly Izy amin'ity taona ity, dia hamaly Izy amin'ny taona manaraka. Satria, Andriamanitra iray Izy; tsy andriamanitra *iray*, fa *ilay* Andriamanitra.

56 Ary hitantsika izy, isan-kariva, raha niakatra ny tohatra i Amrama. Dia nanatona azy i Jokebeda ka nanao hoe, "Amrama, malala, efa nivavaka teto ianao nandritry ny alina manontolo. Nahoana ianao no tsy miteny amin'ny sasany amin'ireo zazalahy fotsiny hoe aiza no iasanao, ka mamela azy ireo hivavaka vetivety?"

57 "Eny, malala, ahoana moa raha tsy manao an'izany izy ireo? Olona iray no tsy maintsy manao an'izany. Olona iray no tsy maintsy mivavaka hatramin'ny farany."

58 Tahaka an'izany no tokony ho tsapan'ny Kristiana tsirairay izao hariva izao; tsy miandry olon-kafa, fa maka ny eo aloha, ny tenantsika, ary mandeha hatramin'ny farany. Raha mino ny Baiboly ho tantara iray isika, dia Boky ara-paminaniana ihany koa izany izay milaza fa io Andriamanitra iray io ihany no hitsangana amin'ny andro farany. Ary izany no fotoana Hahatongavany eo amin'ny sehatra.

59 Izany no fantatr'i Amrama. Hoe naminany i Mosesy. . . Na, tsy i Mosesy. Mamelà ahy. Abrahama dia nomena teny fikasana iray avy tamin'io Andriamanitry ny tantara io, Izay tsy namaly vavaka iray tao anatin'ny efajato taona, araka ny firaketana ananantsika. Fa nanao teny fikasana iray Izy hoe hamoaka azy ireo Izy.

60 Ary, toy ny hoe, efa nanana Andriamanitra iray mangina nandritry ny ela be isika, fa tonga ny ora izay Hisehoany eo amin'ny sehatra.

61 Indray hariva rehefa nivavaka i Amrama, angamba, nandritry ny taona maro. Ary mivadika fotsy ny volony ankehitriny, nefa tsy nisy fanafahana, fa miharatsy fotsiny. Indray hariva dia nandeha niasa avy hatrany izy. Tahaka an'izany no tsy maintsy hanaovantsika azy; mandeha miasa avy hatrany. Hoy izy hoe, "Andriamanitra, Ianao no nampanantena an'izany. Dia niandry an'izany izahay. Ary hitanay eto ireo famantarana rehetra, ary antomotra ny fotoana. Izao no fotoana Hanaovanao zavatra mikasika an'izany."

62 Raha mbola tao anatin'ny vavaka lalina mifantoka izy, nivavaka tamin'ny fony rehetra, dia nijery izy, nitsangana teo amin'ny zorony. Nokosehiny ny masony ary nijery indray izy. Nitsangana teo ny Anjely iray niaraka tamin'ny sabatra voatsoaka. Hoy izy hoe, "Ho tonga ny fanafahana. Ary hitondra zanakalahy iray eto amin'izao tontolo izao ianao, ary izy no ho anankiray izay hanafaka azy ireo." Hitanareo?

63 Mamaly vavaka foana Andriamanitra, sa tsy izany Izy? Raha mifikitra fotsiny isika!

64 Mosesy, rehefa nitarika ny zanak'Isiraely izy, tamim-pahatokiana, tany an-efitra, ka tonga teo amin'ny Ranomasina Mena izy. Ary ireo tendrombohitra teo amin'ny ilany iray, ary ireo tany efitra teo amin'ilay hafa, ary ny tafik'i Farao tamin'*ity* làlana ity, ary ilay Ranomasina Mena teo alohan'izy ireo. Ary voafandrika tao anatin'ny vozon-tany kely iray izy ireo. Toy ny hoe niantsoantso mihitsy aza ny natiora. Inona no hitranga? Vita ny amin'izy ireo. Ny tafik'i Farao, tamin'ny an'aliny, mba hanitsakitsaka azy ireo.

65 Fa inona no nataon'ny olona? Nanomboka nimonomonona sy nitaraina. "Oh, tsaratsara kokoa ho antsika raha nijanona tany aoriana teo amin'ny toerantsika izay nisy antsika isika."

66 Fa nisy anankiray teo anivon'ireo olona ireo, izay nanana ny lelafon'ny finoan'Andriamanitra nirehitra tao am-pony, izay nino fa ilay Andriamanitra ara-tantara dia afaka hiditra eo amin'ny sehatra ao amin'ny karazana fahasarotana rehetra. Nitsangana niaraka tamin'ny tànany nitsangana nankany amin'Andriamanitra i Mosesy, ary nivavaka mandra-piditry ny Andriamanitry ny tantara iray teo amin'ny sehatra mba ho Andriamanitra iray amin'izao andro ankehitriny izao. Dia nanokatra ny làlana Izy, ka niampita ny rano ny Isiraely, teo amin'ny tany maina.

67 Oh, tsy ela akory taorian'izany, dia nitarika an'ilay vondrona iray ihany i Josoa, na ireo zanany, nankeo Jordana. Ary tamin'ny volana Aprily izany rehefa tondraka ireo ony manontolo, ka dimy heny ny haben'ilay Jordana. Toy ny hoe ny mpitarika ara-miaramila tsara rehetra dia ho nitondra azy ireo teo hafa noho izany. Ary tamin'io fotoana io mihitsy izany, izay tsy nisian'ny azo atao iray hiampitana an'izany. Fa tsaroan'i Josoa fa nisy Andriamanitry ny tantara iray, efapolo taona tany aloha, izay nanokatra ny Ranomasina Mena, ka niantso an'io Andriamanitra io izy. Ary nidina tao amin'ny hery lehibe io Andriamanitra io, ka lasa Andriamanitra iray tao anatin'ny krizy ankehitriny, ka nanokatra an'ilay Jordana ary nampita azy ireo.

68 Taona maro taty aoriana izany, rehefa ny famakiantsika, izao hariva izao, ny famakiana ny lohahevitsika, rehefa nahita ny ozon'io firenena io i Elia, ka teny an-tendrombohitra izy, ary nandritry ny an-jato taonany dia tsy nisy vavaka nivaly tao Isiraely. Kanefa, fantatr'i Elia fa nisy Andriamanitry ny tantara iray izay afaka ho tonga eo amin'ny sehatra. Ary nihaika an'izao tontolo izao tsy mino izy mba hitsangana eo amin'ny fanatrehan'io Andriamanitra io ka hahita hoe iza no hamaly amin'ny afo. Ary ilay Andriamanitra izay afaka niaro an'ireo zanaka Hebreo tamin'ilay lafaoro afo dia nampidina afo ka nandevona an'ilay fanatitra.

69 Tsy ela loatra taorian'izany koa rehefa maty ny lehilahy iray, tamin'ny anarana hoe Lazarosy. Ary nisy Andriamanitra iray izay mbola velona foana, izay afaka nitondra an'i Enoka tany an-Trano tsy nahita fahafatesana akory aza, ary nampakatra an'i Elia teo ambonin'ny kalesy afo iray. Ary nantsoina teo amin'ny sehatra Izy, tao amin'ilay ora maizin'ny fahafatesana, ka nihetsika fotsiny tahaka ny Nihetsehany tamin'ny fotoana rehetra Izy. Kanefa, Andriamanitry ny tantara iray Izy, saingy nitsangana avy tamin'ny tantara nankeo amin'ny krizy manatrika iray.

70 Teo akaikin'ny vavahadin'i Jeriko dia nisy lehilahy jamba iray nipetraka teo amoron-dàlana, niantsoantso. Lasa ny fanantenana rehetra. Tsy nisy dokotera afaka nanao soa ho azy. Lany ny volany. Tsy nisy na inona na inona tavela ho azy afa-tsy

ny nipetraka teo ka nanonofy nandritry ny andro vitsy, mandrapahatongan'ny fahafatesana ho fanampiana mamy iray. Ary indray andro, nandeha teny an-dàlana, dia tonga teo amin'ny sehatra ny Andriamanitry ny tantara iray, tao anatin'ny krizy manatrika iray. Nanokatra ny mason'ilay jamba Andriamanitra.

71 Tao an-tranon'i Jairo ilay izy, izay tsy nahombiazan'ireo dokotera, ary naveriny ilay zazavavy kely nankany amin'ny . . . mba ho faty. Ary niditra ny fahafatesana ka naka ny anjara mangidiny, ary naka an'ilay zaza tokana, ilay tokantrano, ilay zazavavy kely roa ambin'ny folo taona, ka nampandry azy teo ambonin'ny sezalava iray. Nefa tsy maintsy nandao ny anarampiangonany sy ireo sakaizany rehetra ny mpitory teny kely iray torotoro fo, saingy tsaroany fa nisy Andriamanitry ny tantara iray izay afaka nanangana ny maty. Ary nandeha nitady Azy izy.

72 "Mitadiava, dia hahita ianareo; mandondòna, dia hovohana ho anareo izany; mangataha, dia homena anareo izany." Mbola ilay Andriamanitra tsy miova foana Izy.

73 Rehefa io Andriamanitra io, nonina tao anatin'ny vatana iray nantsoina hoe Jesosy, ilay Zanak'Andriamanitra, rehefa nantsoina teo amin'ny sehatra Izy, nantsoina hivoaka avy tao amin'ny tantara, ilay Andriamanitra Izay afaka nanangana ny maty tao amin'ny Testamenta Taloha, dia namerina ny aina teo amin'ny zazakely maty iray tamin'ny alàlan'ny mpaminany iray. Tsy mety maty io Andriamanitra io. Andriamanitra Izy mandritry ny Mandrakizay.

74 Nandry teo amin'ny fandriana io zazakely io, nihinjitra. Ary i Jairo kely dia nahafantatra fa ilay Sonemita dia nahazo ny zazakeliny naverina, hoy izy hoe, "Io Andriamanitry ny tantara io, raha mba afaka hantsoina hankao amin'ny hetsika Izy, dia Izy no Andriamanitra tsy miova androany." Ary teo ampitadiavana, dia nandre ny amin'ny Lehilahy iray izy—Lehilahy iray izay nilaza ho manana ny hery, ary Jesosy avy any Nazareta izany, Izay halan'izy rehetra. Fa niantso Azy teo amin'ny sehatra izy, satria Izy no solontena akaiky indrindra izay nety hitany avy tamin'Andriamanitra tamin'io andro io, Andriamanitra iray avy amin'ilay Andriamanitra velona. Ary rehefa nantsoina teo amin'ny sehatra Izy, ka nantsoina ilay Andriamanitra aratantara, dia nihetsika tahaka ny Nihetsehany fony Izy niresaka tamin'i Elia teo amin'io zazakely maty io Izy.

75 Mamelà ahy hilaza bebe kokoa androany, ry rahalahiko, anabaviko, ao amin'ity andro ankehitriny izay misy krizy ity, ary rehefa mandany an'izao tontolo izao ny homamiadana, sy ireo karazana aretina rehetra; ilay Andriamanitra ara-tantara iray ihany izay nanadio ny boka, nanasitrana ny marary, ary nanangana ny maty, no ilay Andriamanitra iray ihany androany. Miandry am-pitebitebena ny Olony hiantso Azy eo amin'ny sehatry ny hetsika Izy.

76 Ilay Anankiray Izay afaka namela mpijangajanga iray nohon'ny fijangajangana impito tao anatin'ny andro iray; Izy Izay afaka nanadio an'ilay mpanota ratsy indrindra ka nanao azy ireo ho fotsy tahaka ny lisy iray; io Andriamanitry ny tantara iray io ihany dia velona androany, mba hanadio ny fo tsirairay maizin'ny fahotana sy ny tsi-finoana.

77 Nisy lehilahy iray nanana zazalahy tratry ny androbe indray andro, ary nentiny nankany am-piangonana izy, ary nandihy ireo mpianatra ka nihorakoraka nanodidina azy, nandritry ny fotoana fohy, nefa tsy afaka nahavita soa. Saingy mbola nisy Andriamanitry ny tantara iray foana izay velona. Nanapakevitra izy ny hahita Azy. Nahita Azy nidina avy teny antendrombohitra, dia nihazakazaka nankeo Aminy izy, ka nanao hoe, "Tompo, mamindrà fo amiko. Nalain'ny devoly iray ny zanako, ka mihinjitsinjitra izy ary mianjera ao anaty afo."

78 Hoy Jesosy hoe, "Mety Aho, raha mino ianao." Raha mino inona ianareo? Raha mino ianareo fa mbola velona foana ilay Andriamanitry ny tantara androany. Ary nantsoina teo amin'ny sehatra Izy, dia niala tamin'ilay ankizy ilay androbe.

79 Io Andriamanitra iray io ihany no velona androany; rehefa tsy nahomby ireo fiangonana, rehefa tsy nahomby ireo politika, rehefa tsy nahomby ny zavatra hafa rehetra, sy tsy nahomby ny olona, ary tsy nahomby ny zavatra rehetra. Tsy mety diso Andriamanitra. Izy no Andriamanitr'ity Baiboly tranainy, mainty lamosina ity. Ny Fampanantenany dia marina mihitsy tahaka azy ireo hatramin'izay. Ary izao no fotoana izay iantsoan'ny Olony Azy, hamoaka Azy avy ao amin'ny tantara. Fa voasoratra hoe, "Jesosy Kristy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay." Andriamanitra ara-tantara Izy, ary Andriamanitra iray an'ny fotoana ankehitriny Izy.

80 "Ary amin'ny andro farany," hoy Izy, "dia handatsaka Ny Fanahiko amin'ny nofo rehetra Aho, ary ireo famantarana sy fahagagana no hanaraka an'ireo izay mino; satria handroaka devoly amin'Ny Anarako izy ireo; hiteny amin'ny fiteny vaovao izy ireo; raha mandray menarana izy ireo, na misotro zavamahafaty, dia tsy hampaninona azy ireo izany; ary raha mametraka ny tànany eo amin'ny marary izy ireo, dia ho sitrana ireny."

81 Izany no Andriamanitra ara-tantara iray izay nanome ny teny fikasana, ary isika no vahoaka amin'izao andro izao an'ny Kijanany. Isika no ondrin'ny Valan'ondriny, ary miandry antsika hitsangana Izy ka hiantso Azy eo amin'ny hetsika. Antsoy ho eo amin'ny sehatra Izy. Diniho Izy miditra ao amin'ireo hetsika. Diniho Izy manao an'ilay faratampony. Diniho Izy manao an'ilay zavatra izay hahagaga ny olona, sy hihaotra ny lohany, nefa tsy mahazo an'izany. Andriamanitra iray ara-

tantara Izy, ary Andriamanitra iray an'ny andro ankehitriny. Miandry ny hantsoina hivoaka avy ao amin'ny tantara Izy.

82 Ndao isika tsy hijery Azy . . . Inona no soa ataon'Andriamanitra ara-tantara iray amintsika raha Andriamanitra ara-tantara iray fotsiny Izy? Inona no soa nataon'Andriamanitra ara-tantara iray tamin'i Amrama sy Jokebeda? Inona no soa nataon'Andriamanitra ara-tantara iray tamin'i Mosesy? Inona no soa nataon'Andriamanitra ara-tantara iray tamin'i Lazarosy? Inona no soa (vita) nataon'Andriamanitra ara-tantara iray tamin'i Bartimeo jamba teo amin'ny vavahady? Ary inona no soa hataon'Andriamanitra ara-tantara iray aminareo, izao hariva izao, raha tsy Izy no tsy miova androany?

83 Izy no tsy miova androany. Mamela ny fahotantsika rehetra Izy, ary manasitrana ny aretintsika rehetra. Ilay Andriamanitra ara-tantara, nantsoina hivoaka avy tao amin'ny tantara, hamiratra Izy ao amin'ity andron'ny Hazavana ity. Inona? Rehefa mifarana ny fotoana, rehefa mifarana ireo politika, rehefa mifarana ny fiainana, rehefa tonga eo amin'ny fiafarana ny zavatra rehetra, dia tonga eo amin'ny Hazavana Jesosy. Rehefa nihaona tamin'ny faharavany ny zavatra rehetra, dia mbola mamiratra foana Izy, "ilay Lisin'ny Lohasaha, ilay Kintan'ny Maraina sy Mamiratra."

84 Izy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay. Antsoy fotsiny ny Andriamanitra ara-tantara iray, dia diniho Izy lasa Andriamanitra manatrika iray, mivoaka avy ao amin'ny tantara, mba hamiratra tahaka ny Nataony tamin'izany mihitsy. Hihetsika tahaka an'izany ihany Izy. Hanao tahaka an'izany Izy. Hamela tahaka an'izany ihany Izy. Hanasitrana tahaka an'izany ihany Izy. Tsy miova ny Fangorahany. Tsy miova ny Sitrapony. Ary tsy miova Ny Heriny. Izy no tsy miova. Izy dia miandry ny . . .

85 Tsy afaka miantso Azy amin'ny molotrareo ianareo. Tsy tonga amin'ny alàlan'ny fanompoan'ny molotra Izy. Tonga amin'ny alàlan'ny finoana Izy. Rehefa ny finoanareo; tsy ny vavakareo lava, ny firedaredanareo.

86 Fa tonga amin'ny alàlan'io finoana kely, manjavozavo io Izy izay ao anatin'ny fanahinareo ambany ao, izay afaka mihazona ka manao hoe, "Io zavatra kely izay efa nisy io, izany no nitondra ahy eto amin'ity tabernakla ity izao hariva izao, afaka mandrehitra ny fanahiko indray, afaka mandefa ahy lavitra avy eto, mirehitra sy mihira, tahaka an'ireo vorona eny amin'ny habakabaka mihitsy." Nahoana? Andriamanitra ara-tantara iray sy Andriamanitra iray an'ny andro ankehitriny Izy. Miandry mba hantsoina Izy. Antsoy ny Tompo. Handre anareo Izy. Mitenena Aminy, ao amin'ny salamo. Mivavaha Aminy ary minoa Azy. Hamaly Izy.

87 Ary ireto teny ireto no lazaiko, eo am-pamaranana. Izany no anton'ity fivoriana ity, izao hariva izao. Izany no antony

nanombohan'ity fivoriana ity. Mino aho fa ilay Andriamanitra izay niteny tamiko, fito amby roapolo taona lasa izay, rehefa nametraka an'io vato fototra io tao isika, hoe hitory ny Filazantsara manerana an'izao tontolo izao aho. Izy no nanao an'izany hiseho. Rehefa nihomehy izy ireo ka nanao hoe, "Ho aiza ianao, Billy, miaraka amin'ny fianaranao kilasy fahafito?"

Hoy aho hoe, "Handeha amin'ny Anaran'ny Tompo Jesosy aho."

88 Rehefa nitory ny toriteniko aho talohan'ny niaingana, iraika ambin'ny folo taona lasa izay, teto amin'ity polipitra ity, ary mipetraka eo Rtoa. Gertie, nihira hoe, *Minoa Fotsiny*. Ary nitsangana teo ilay olombe lehibe, araka ny notoriako, Davida sy Goliata. Nisy ny siansa tao amin'ilay izao tontolo izao malaza fantatra, mba hanameloka ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra ary nanao an'izany ho fahamenarana. Ary ny olona rehetra dia niteny tamiko hoe, "Ry tovolahy, ho potika ianao any. Hanipy anao any am-ponja izy ireo. Izy ireo dia hanao *an'ity, itsy,* na ny *hafa*. Fa tonga teo amin'ny sehatra ilay Andriamanitry ny tantara tany, ary niteny tamiko hanao an'izany. Ary nataoko izany tamin'ny alàlan'ny Fahasoavany sy ny Famindrampony. Io Andriamanitra iray io ihany izay tantara, folo taona lasa izay, no nitsangana teo amin'ny sehatra indray. Azo antoka mihitsy tahaka ny Nanaovany an'izany hiseho, no Hanaovany an'ity hiseho. Izy no Andriamanitry ny tantara, ary Izy no Andriamanitry ny andro ankehitriny. Tsy rendrehana na matory mihitsy Izy. Tsy mety maty Izy, satria tsy nanana fiandohana na fiafarana Izy.

89 Ao amin'ny zava-misinareo, izao hariva izao, ry sakaiza mpanota, io fihetseham-po kely manitikitika manodidina ny fonareo io, izay miteny aminareo fa Izy no tsy miova, izay miteny aminareo fa afaka manafaka anareo amin'ny enta-mavesatra rehetra sy ny heloka rehetra Izy, sy ny fahotana rehetra izay nataonareo nanohitra Azy.

90 Inona no azonareo ametrahana ny fanantenanareo? Tsy ao amin'ny tokantranonareo manokana akory aza, tsy ao amin'ny vadinareo, tsy ao amin'ny fianakavianareo, ny reninareo na ny rainareo.

> Ireo fanantenako dia tsy miorina amin'ny inona na inona
> Afa-tsy ny Ràn'i Jesosy miaraka amin'ny fahamarinana;
> Rehefa mirodana manodidina ny fanahiko ny rehetra,
> Amin'izay fotoana izay dia Izy no fanantenako sy tohako rehetra.
>
> Eo amin'i Kristy, ilay Vatolampy mafy, no ijoroantsika;

Ny tany hafa rehetra dia fasika miletsy.

91 Ry fiangonana, ry sakaiza, na inona na inona ilay izy, tonga eo amin'ny fiafarana iray izy rehetra. Fa velona mandrakizay Izy. Ary satria velona Izy, dia velona miaraka Aminy isika.

92 Inona no homenareo ho takalony? Inona no azonareo homena? Ahoana moa raha niantso anareo Andriamanitra izao hariva izao mba hamaly eo amin'ny Fitsarana? Inona no hataonareo mikasika an'izany? Mametraka ny fanantenanareo ao amin'ny firenena ve ianareo? Rava izy, tahaka an'ireo hafa rehetra. Mametraka ny fanantenanareo ao amin'ireo fifidianana sasany ho avy ve? Ireo lehilahy ireo, tsy manana na inona na inona manohitra azy ireo aho, saingy mety maty izy ireo ary ho lasa. Tsy afaka mametraka ny fanantenanareo amin'ny inona na inona mihitsy ianareo, izay hihazona, afa-tsy ilay Andriamanitry ny tantara Izay nampanantena fa hitsangana Izy. Ary amin'ny andro voatahy iray . . .

93 Mety hitondra anareo any izy ireo ka handraraka ny vovoka eo an-tamponareo, ilay mpandevina, Fa ho avy ilay Mpampiakatra indray andro any. Ilay mpandevina hitondra anareo midina, fa ilay Mpampiakatra hitondra anareo hiakatra azo antoka mihitsy. "Fa ireo izay maty ao amin'i Kristy no ho entin'Andriamanitra miaraka Aminy rehefa tonga Izy." Satria Andriamanitry ny tantara iray Izy ankehitriny, ho an'ny maro, fa ho Andriamanitra iray an'ny andro ankehitriny Izy rehefa manaiky Azy ho Mpamonjinareo ianareo ka mahita Azy ho tena misy amin'ny fonareo. Hisy Zavatra ao anatinareo ao izay miteny aminareo. Mety tsy misy fihetseham-po ianareo. Mety tsy mitomany ianareo. Mety tsy miteny amin'ny fiteny tsy fantatra ianareo. Mety tsy mihazakazaka ianareo. Mety tsy mihiakiaka ianareo. Fa hisy zavatra hitranga, ka ho fantatrareo, ka ho fantatrareo fa nisy zavatra niseho. Hifanaraka tsara amin'izany ny fiainanareo, raha mbola velona foana ianareo. Ary rehefa tonga ilay ora farany ka hiala amin'ity izao tontolo izao ity ianareo, dia tsy hatahotra ny ratsy ianareo. "Fa Ianao no momba ahy. Ny Tsora-kazonao sy ny Tehinao, izy ireo no hampionona ahy." Rehefa nandao anareo ilay dokotera, ka lasa, ary tonga ireo làlan-drà mangatsiaka.

94 Tahaka an'Atoa. Vauder indray hariva, ny ben'ny tanànanay malaza teo aloha teto, nandeha nihaino an'Atoa. Nixon miteny, maty teo amin'ny sehatra mihitsy. Lehilahy tsara, salama, araka ny fantatro.

95 Handeha hiala ao an-trano aho, niverina, hoy ny vadiko hoe, "Billy, fantatrao ve fa maty *Ranona-sy-ranona*?"

96 Indray andro, ny zanakovavy kely nipetraka tany an-tsekoly teto, niaraka tamin'ny zazavavy kely iray, ny Alakamisy, ary ny Alahady dia nandevina azy izy ireo. Tratry ny aretin'avokavoka

izy. Nandeha nankany amin'ny fony izany na zavatra iray, ary (izy) namono azy. Maty izy.

97 Ary ny sakaizako iray, Rtoa. Williams eto, vadin'i Buck William, efa an-taonany maro no nahafantarako azy. Zella Brakeman eto, ato amin'ny tranobe izy any ho any, rahavaviny izany, izay nipetraka teto mihitsy, ilay varavarana manaraka, nandritry ny taona maro, rehefa nipetraka teny ampitan'ilay làlambe izahay. Lasa aho; efa nikorontan-tsaina kely iray izy, saingy lasa izy rehefa niverina aho.

98 Hitanareo ve hoe inona ilay izy? Indray andro, ilay izy dia, hihaona amin'izany ianareo. Ary ny vola rehetra izay azonareo angonina, ireo sakaiza rehetra izay azonareo angonina. . . Mety tsara izy ireo. Fa, ireo rehetra ireo, aoka ho laharana faharoa izany. Minoa Andriamanitry ny tantara iray, hoe Izy no Andriamanitra iray an'ny andro ankehitriny, na izany aza, dia jereo izay Hataony ho anareo.

99 Ho anareo izay marary sy manana ilaina, nandà anareo ny dokotera ka tsy afaka manao ho anareo intsony. Tsarovy, ilay Andriamanitry ny tantara no ilay Andriamanitra iray ihany androany.

Ndao isika hivavaka vetivety fotsiny ankehitriny, raha manondrika ny lohantsika isika.

100 Raha misy ato izao hariva izao ireo, tsy fantatro, raha misy ato ireo, izao hariva izao, izay mahafantatra, ho an'ny famonjena ny fanahinareo, hoe raha io Andriamanitra Izay nampanantena fa ho avy ao anatin'ny fotoana iray io Izy, ao anatin'ny indray mipi-maso, rehefa tsy mieritreritra ianareo, raha tsy manana Azy ianareo, mihevitra fotsiny ianareo fa manana Azy, dia tsarovy, "Misy làlana izay toa mahitsy, saingy làlan'ny fahafatesana no iafarany," raha tsy pozitifa ianareo fa—fa voavonjy ianareo, izao hariva izao, ary raha ho avy Izy, dia handeha hiaraka Aminy ianareo, hanao betsaka fotsiny ve ianareo raha hanangana ny tànanareo Aminy, ary amin'ny fanaovana an'izany, dia manaova hoe, "Mamindrà fo amiko, Andriamanitra"? Misaotra anareo. Andriamanitra hitahy anareo. Tànana maro no nitsangana. Hisy iray hafa ve alohan'ny hamaranantsika? Ianareo ve. . . sy hanao vavaka. Andriamanitra hitahy anao, ry vehivavy tanora. Aza menatra fotsiny ankehitriny. Azo antoka.

101 Inona no soa hitoriana Andriamanitry ny tantara iray, raha tsy Izy no tsy miova androany? Ary, rahalahy, ranabavy, milaza an'izao aho. Namaky ny amin'ny Andriamanitry ny tantara iray aho indray mandeha. Namaky ny Aminy tao amin'ireo boky aho. Namaky ny Aminy tao amin'ny Baiboly aho. Fa indray andro dia nihaona Taminy aho. Nihaona Taminy aho. Nanatona ahy Izy. Niteny tamiko Izy mba tsy hisotro, tsy hifoka sy—sy handoto ny tenako, ary nanana zavatra iray hataoko Izy

rehefa lasa antitra kely kokoa aho. Zazalahy kely iray fotsiny aho. Izy—Izy no nanaporofo an'izany. Izy no nanao an'izany. Io ny Sariny mihantona eto mihitsy ankehitriny, rehefa naka an'izany ny siansa. Hitanareo? Fantatr'izao tontolo izao izany. Izy no nanaporofo an'izany teo anivonareo. Izy no mahafantatra ny eritreritra rehetra ao am-ponareo. Izy no nanaporofo ny Tenany. Izy no ilay Andriamanitra tsy miova androany. Tsy Andriamanitry ny tantara iray Izy.

102 Aoka fotsiny tsy ho. . .hamela an'izao tontolo izao handentika anareo amin'ny fahalotoana sy ny karazan-javatr'izao tontolo izao. Minoa Azy izao ankehitriny izao. . . [Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.] Hanangana ny tànanareo ve ianareo? Ny sasany izay tsy nanangana, hanangana ny tànanareo, hanao hoe, "Andriamanitra, tsy azoko antoka ny amin'izany, saingy te-hahazo antoka aho. Avelao aho. . . "

103 Andriamanitra hitahy anao, ry lehilahy tanora. Olona iray? Ary Andriamanitra hitahy anao, iry aoriana iry, ranabavy. Andriamanitra hitahy anao, rahalahy. Olon-kafa iray? Andriamanitra hitahy anao, ranabavy. Andriamanitra hitahy anao, etsy, rahalahy. Marina izany.

104 Hoy ianareo hoe, "Rahalahy Bill, hidika zavatra iray amiko ve izany, ny manangana ny tànako?" Atsangano ny tànanareo, indray mandeha, dia jereo. Isan'andro, rahalahy, ranabavy, rehefa manao zavatra tsara ianareo, dia mahatsapa ho tsara mikasika an'izany.

105 Aoka hahitsy fo. Ankehitriny, aza mandainga amin'Andriamanitra. Tsy mandainga amin'Andriamanitra ianareo. Mahafantatra Izy. Mandainga amin'ny tenanareo ianareo. Fantatrareo, ny lainga dia tena zavatra iray mahatsiravina, hany ka afaka mitondra anareo ao amin'ireo fitsarana federaly sy fitsarana heloka bevava mihitsy aza izy ireo, ary—ary mametraka mpitsikilo lainga iray eo amin'ny sandrinareo, ary afaka manandrana ny tsara indrindra anareo ianareo hiteny an'io zavatra io, manao azy hitovy amin'ny fahamarinana, fa ny hozatrareo no hanaporofo fa miteny lainga iray ianareo. Nahoana? Tsy natao handainga ianareo. Ary raha ny mpitsikilo lainga iray no mahafantatra, dia ahoana ny amin'Andriamanitra?

106 Hoy ianareo hoe, "Fa, rahalahy, Batista aho. Presbyterana aho. Metodista aho." Mety tsara izany.

107 Manontany zavatra anankiray aminareo aho. Efa mba nihaona tamin'io Andriamanitry ny tantara io ve ianareo? Efa nitsangana tao anatin'ilay roimemy nirehitra teo anoloanareo ve Izy, ka fantatrareo? Ary namaly ny fanahinareo ve Izy, ka fantatrareo fa lasa ny fahotanareo? Raha tsy izany ilay izy, dia aza mitsapatsapa amin'ny fikambanana amin'ny fiangonana fotsiny, na nandeha tany ka nahatsapa tsara kely mikasika

an'izany. Tsy maintsy mahafantatra Azy ianareo. Tsy ny mandre Azy, tsy ny mahazo an'ireo Fitahiany, no Fiainana. Fa, ny mahafantatra Azy, no Fiainana; ny mahafantatra Azy, mahafantatra Azy manokana; *Azy*, mpisolo anarana, mahafantatra Azy. Tsy mahafantatra Ny Bokiny, tsy ho mpianatra tsara iray, tsy ho mambra tsara iray, na lehilahy tsara iray na vehivavy tsara iray. Tsy izany no manao an'ilay izy; ny lalàna no nanao an'izany. Fa, ny mahafantatra Azy! Efa nihaona Taminy ve ianareo? Ilay Andriamanitra, izay niresaka tamin'i Mosesy tao amin'ny roimemy nirehitra, ve no tonga teo anatrehanareo? Efa nandre Azy niresaka taminareo ve ianareo, hany ka fantatrareo fa Izy izany? Raha tsy nanao Izy, dia atsangano fotsiny ny tànanareo, manaova hoe, "Andriamanitra, mitenena amiko ankehitriny. Ianao ve ilay misamonomonona manodidina ny foko? Izaho—te-hahafantatra Anao aho."

108 Andriamanitra hitahy anao, ramatoa tanora. Andriamanitra hitahy anao, iry aoriana iry. Tsara izany. Marina izany. Olona iray izay tsy manana. Marina izany. Andriamanitra hitahy anao, ranabavy. Andriamanitra hitahy anao, ramatoa tanora, eto. Tsara izany. Andriamanitra hitahy anao, ramatoa kely eto.

109 Ankehitriny tena moramora mihitsy, miaraka amin'ny lohanareo miondrika, misamonomonona an'izany moramora.

> Amin'ny fiposahan'andro volamena iray, no ho tonga Jesosy;
> Amin'ny fiposahan'andro volamena iray, no ho vita ireo ady rehetra,
> Hihiakiaka ny fandresena isika, hamakivaky ny lanitra manga,
> Amin'ny fiposahan'andro volamena iray, ho ahy, ho anao.

110 Ankehitriny, ianareo izay nanangana ny tànanareo, raha tena maniry ny fivavako ho anareo ianareo, ka mino fa hihaino ahy Andriamanitra, raha te-hanatona ny alitara ianareo, dia mamelà ahy hitsangana eto ka hivavaka miaraka aminareo, kely. Misokatra ny alitara. Andriamanitra hitahy anao, rahalahy. Marina izany. Andriamanitra hitahy anao, ry lehilahy. Andriamanitra hitahy anao, ranabavy. Mitsangàna avy hatrany dia manatòna. Raha mino ianareo fa hanampy Andriamanitra, ka hihaino vavaka, mba hanampiako anareo hanatona Azy, mba hahafantatra Azy, dia mandrosoa avy hatrany ankehitriny. Tsy hanao ve ianareo?

> Amin'ny fiposahan'andro volamena iray, Jesosy . . .

111 Ahoana no ahafantarantsika fa tsy ho amin'ny maraina izany?

> . . . ady . . .

Io ady izay iadianareo izao ankehitriny izao io, tsy hamela an'izany ho vita ve ianareo izao ankehitriny izao, arak'izany? Aoka ho vita izany izao ankehitriny izao, mba ahafahanareo mihiakiaka fandresena.

> Amin'ny fiposahan'andro volamena iray, ho ahy, ho anao.
>
> Amin'ny fiposahan'andro volamena iray, Jesosy . . .

112 Mitsangàna avy hatrany fotsiny, marina izany, ary manaova ny làlanareo avy hatrany, manodidina.

> . . . vita ireo ady rehetra,
> Hihiakiaka ny fandresena isika, hamakivaky ny lanitra manga,
> Amin'ny fiposahan'andro volamena iray . . .

113 Tsy ho avy ve ianareo ankehitriny, raha miandry isika? Hanampy anareo eto izahay, ao amin'ny vavaka. Manao betsaka ho antsika ny vavaky ny finoana. Tsy ho avy ve ianareo? Mandresy lahatra anareo aho ho avy, hanaiky an'ilay Andriamanitry ny fotoana ankehitriny. Tsy hoe fotsiny a—andriamanitra iray, izay andehananareo any amin'ny fiangonana iray ka manao hoe, "Eny, nikambana tamin'ny fiangonana aho." Tsy hety izany andriamanitra izany. Ny andriamanitra Metodista iray, andriamanitra Batista iray, andriamanitra Presbyterana iray, andriamanitra Pentekotista iray, tsy hety izy ireo. Raiso ilay Andriamanitr'ity Baiboly ity. Handeha any amin'izao tontolo izao ny andriamanitra Pentekotista iray; andriamanitra Metodista iray, na andriamanitra Batista iray, na andriamanitra ara-anarampiangonana hafa rehetra. Fa ilay Andriamanitr'ity Baiboly ity, no hanao anareo hitovy amin'i Jesosy. Azo antoka fa hanao Izy. Hitoetra ao anatinareo Ny Fanahiny, ary hiova ny fiainanareo rehetra; io fahatezerana io, io lolom-po io, io fanahy tsy mamela io, io zavatra izay hanimba ny fanahinareo ao anatin'ny Mandrakizay iray very io.

114 Manipy harato iray fotsiny aho ankehitriny. Miankina aminareo izany. Araho izany, tsy hanao ve ianareo? Mandrosoa avy hatrany, manodidina ny alitara eto. Maro aminareo no nanangana ny tànanareo ery aoriana ery. Hamela anareo hitsangana ny olona, eo amin'ny sezany. Ny Tompo hitahy anao, ry lehilahy tanora.

115 Ankehitriny raha mbola mitendry moramora ny zavamaneno izy, dia maro eto no mitsangana manodidina ny alitara. Fanahy fito izay mandroso mba hitsangana manodidina ny alitara. Efa fantatrareo ve fa ny fito dia isa tanteraka iray ho an'Andriamanitra, fahatanterahana? Vao avy nidina teo amin'ny olona iray izay mitsangana eto ny Fanahy Masina,

izao ankehitriny izao. Izany no antsoiko hoe ny Fanahy Masina, rahalahy.

116 Ankehitriny dia eto Izy, ho an'ny tsirairay avy aminareo. Aoka hanetry tena fotsiny ao am-ponareo. Ahoana moa raha ity no fotoana farany izay hany hitsangananareo manodidina ny alitara iray, izao no vavaka farany izay hany holazainareo, izao ankehitriny izao? Ho avy Jesosy. Mety mandondòna eo ambaravaranareo Izy alohan'ny maraina, fantatrareo. Tsy maintsy mandeha ianareo, indray andro any. Ary raha Andriamanitry ny rehetra, Andriamanitry ny tantara iray Izy, ary Andriamanitry ny androany iray Izy.

117 Niresaka taminareo Izy. Nitsangana teto Anatrehany ianareo, mba hihaona Aminy. Nandroso hihaona Aminy ianareo. Hihaona aminareo Izy. Mitsangana eto mihitsy Izy ankehitriny. Izao fotsiny, ao am-ponareo, iaikeo ny rehetra nataonareo izay ratsy. Manaova hoe, "Andriamanitra, mamindrà fo amiko, mpanota iray. Nanao ratsy aho ary izaho—miaiky aho ankehitriny, amin'ny foko rehetra, hoe diso aho. Tiako Ianao hamindra fo amiko ka hamela ahy amin'ny fahotako. Izaho—hanompo Anao aho amin'ny sisa amin'ny androko. Ary aoka ity afo kely izay mirehitra ato am-poko ity, finoana kely, izay nanao ahy hanatona eto amin'ity alitara ity, izao hariva izao, aoka hilentika lalina ao amin'ny fanahiko izany. Aoka hiseho eto mihitsy izany ankehitriny. Ary hisy zavatra mirehitra, izay miteny amiko fotsiny hoe, 'Eny, velona Ianao, Jesosy.' Ary tiako Ianao. Ary hahita Anao eo amin'ny sehatra aho afaka ora vitsy manaraka, manao zavatra, zavatra lehibe. Tena faly aho fa nandroso rehefa niresaka tamin'ny foko Ianao. Hahita Anao hanao an'ireo homamiadana hiala amin'ny olona aho, hanasitrana ny marary sy ny manana ilaina. Mandre azy ireo miverina indray, manambara an'izay nataon'Andriamanitra ho azy ireo; ilay Andriamanitry ny tantara, Izay nivoaka avy tao amin'ny tantara, ary ilay tsy miova androany, tonga eo amin'ny sehatra. Satria, ho avy Izy amin'ity fotoana ity mba hijanona; Ny Fihaviany faharoa."

Ndao isika hivavaka ankehitriny. Mivavaha miaraka amiko ianareo, ny tsirairay avy aminareo.

118 Andriamanitra malala, mitondra eo Anatrehanao aho izao ankehitriny izao, an'ireto fito ireto. Ny hariva voalohany dia namokatra kintana fito mirenireny. Ianao no nilaza, ao amin'Ny Teninao sarobidy hoe, "Tsy misy olona mahay manatona Ahy, raha tsy Ny Raiko no mitarika azy aloha. Ary izay manatona Ahy, dia tsy ho Laviko mihitsy, fa homeko Fiainana Mandrakizay, ary hatsangako izy amin'ny andro farany." Tompo, izany no Fampanantenanao. Ary amin'ny alàlan'ny fientanampo iray, hetsiky ny faharesen-dahatra iray, dia mandroso ireto fanahy fito sarobidy mirenireny ireto izao hariva izao, satria mino izy ireo fa ilay Andriamanitra izay niresaka tamin'ireo

mpaminany, ilay Andriamanitra izay niteny tamin'ilay lehilahy jamba, dia mbola velona Izy androany. Ary mandroso izy ireo mba hihaona Aminy.

119 Io Andriamanitra iray io ihany Izay nanao ny teny fikasana, ary nihaona tamin'ilay boka teo amin'ny taniny manokana, Izay nihaona tamin'ilay vehivavy niaraka tamin'ny fitsiha-drà teo amoron'ny renirano, Izay nihaona tamin'ny fahafatesana teo amin'ny fasan'i Lazarosy ka nampiverina azy, no ilay Andriamanitra iray ihany izao hariva izao, Izay mitsangana eto mba hihaona amin'ity fahafatesana ara-panahy ity ka hampiverina azy, ary manao hoe, "Esory amin'ireto izay tonga hiaiky Amiko nohon'ny fitoriam-pitiavan'Ny Fanahiko ny tànanao. Izaho hanome azy ireo Fiainana Mandrakizay, ka tsy misy olona afaka hanaisotra azy ireo Amiko. Izaho hanangana azy ireo amin'ny andro farany."

120 Misaotra Anao izahay ny amin'izy ireo, Ray. Ary mivavaka izahay mba hijanonan'izy ireo mahatoky eo an-Tànanao, mandra-panafaky ny fahafatesana azy ireo. Rehefa hiditra amin'ny fifalian'ny Tompo izy ireo, amin'io andro lehibe io, rehefa apetraka manerana ny lanitra ilay Sakafo harivan'ny Mpanambady, ka rehefa mivoaka ilay Mpanjaka ary manao hoe, "Tsaroanao ve ilay andro voalohan'ny Oktobra, 1958, tao amin'io tabernakla kely vita amin'ny fangaron-tsimenitra io? Nandroso ianao ary nandray Ahy ho Mpamonjinao. Niresaka taminao Aho. Mpanota iray ianao tamin'izany, fa ankehitriny dia namonjy anao Aho. Ary ankehitriny dia Ahy ianao, ary manana Fiainana Mandrakizay. Ankehitriny dia midira amin'ny fifaliana izay Nomaniko ho anao, hatramin'ny fanorenana an'izao tontolo izao." Ekeo izany, Tompo. Anao izy ireo ankehitriny. Mametraka azy ireo Aminao izahay, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Amena.

Ankehitriny miaraka amin'ny lohanareo miondrika, ny mpanatrika.

121 Hanontany ny tsirairay avy aminareo eto amin'ny alitara aho. Tsapanareo ve, ao am-ponareo ankehitriny, avy ao amin'ireo tena halalin'ny fanahinareo, fa ilay lelafon'ny finoana kely izay niteny taminareo mba hanatona ny alitara eto, mba hanao an'izao hetsika izay nataonareo ankehitriny izao, rehefa avy nanangana ny tànanareo ka nandroso, tsapanareo ve fa manomboka mirehitra mankany amin'ny tena finoana velona iray ao am-ponareo io lelafo kely io? Ary mino ve ianareo ankehitriny fa namela ny fahotanareo Jesosy, ka ho Azy ianareo manomboka izao? Raha mino ianareo, dia hanangana ny tànanareo ankavanana Aminy ve ianareo? Ireo izay manodidina ny alitara, atsangano ny tànanareo ankavanana, raha tsapanareo fa namela ny fahotanareo rehetra Jesosy. Ilay anankiray manodidina . . . Ankehitriny, misy tànana roa, telo, tsy mitsangana. Ankehitriny dia manohiza mivavaka fotsiny, ny tsirairay avy.

58-1001 Mamoaka Azy Avy Ao Amin'Ny Tantara
Branham Tabernacle
Jeffersonville, Indiana U.S.A.

MALAGASY

©2026 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org

## Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:



Voice Of God Recordings

P.O. Box 950, Jeffersonville, Indiana 47131 U.S.A.

www.branham.org